
# ALAHADY FAHA-18 MANDAVANTAONA TAONA A 2026



## TSY ANDRIAMANITRA LAVITRA NY ANDRIAMITSIKA… FA ANDRIAMANITRA MIARA-DALANA MANGORAKA KA MAMELONA NA ARA-PANAHY NA ARA-BATANA NA ARA-TSAINA

Vakiteny I : Iz 55, 1-3
Vakiteny II : Rom 8, 35.37-39
Evanjely : . Mt 14, 13-21

Ry Kristianina havana miatrika krizy isika ary maro ny very fanahy mbola velona. Niatrika izany nkoa ny vahoakan'Andriamanitra satria voa sesitany tany Babilonia. Tamin'ny fotoana sarotra indrindra no nirahin'Andriamanitra an'i Izaia Mpaminany hankahery an'Israely. Mila Mpaminany tahaka an'Izaia izao androntsika izao ary tsy iza fa isika vita batemy. Isika no Kristy Mpiarabelona amin'izao andro izao hitondra aina ho an'ireo manodidina antsika. Anjarantsika vita batemy no manampy ny olona hiverina hanatona an'ny Tompo. Ianareo rehetra izay mangetaheta, mankanesa aty omena rano, na dia ianareo tsy manam-bola aza; avia mividiana vary ka mihinàna; avia mividy tsy amim-bola na takalo, hividy vary sy ronono. Fantatsika loatra ny hasarobidiny ireo : Rano, vary, divay, ronono.... ireo ilay lazaina PPN (Produits de Première Nécessité) izay tena ilaina tokoa eo amin'ny fiainana andavanandro.... Aoka anefa fa sariteny ihany no ampiasan'ny mpaminany eto. Tsy hoe sakafo ara-batana fotsiny no tiany ambara mampitodika antsika amin'ny lalindalina kokoa dia tena izy amin'ny fiainana dia ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra izany hoe ny ara-panahy. Inona moa no ambarany hoe  "mangetaheta fahafahana" sy ny "noana ny fahamarinana" raha tsy isika very fanahy mbola velona miatrika ny krizy maro lafo ity ka

tahaka ny vahoakan'Andriamanitra voasesitany.. Hoy indrindra ny tohin'ny hafatra hoe: Nahoana ianareo no mandany vola amin'izay tsy hanina; sy misasatra amin'izay tsy mahavoky? Tian'ny Tompo mba tsy ihanona na ho tamana amin'ny zava-mandalo tany Babilona ny vahoaka, tiany hitodika sy hankany Aminy ka hanana ny fiainana tena izy. Izay koa ny aoka hatsapantsika. Aoka tsy varimbariana amin'ny zavatra mirenty aty ivelany. Io no haran'i Papa amintsika amin'ny Ansiklika mba tsy voafitaka isika ...

Hoy indrindra ny Tompo araka ny fampianaran'Izaia Mpaminany: Koa mihainoa Ahy, ary mihinana izay tsara; ary aoka ny fanahinareo hiravoravo amin'izay hanina fy. Atongilano ny sofinareo, ka mankanesa aty amiko; mihainoa ka aoka ho velona ny fanahinareo; ary hanao fanekena mandrakizay aminareo Aho, ary hanome anareo ny fahasoavana nampanantenaina an'i Davida.

Ry Kristianina havana izany indrindra no tanjona tia antsika apetraka amin'izao Sinaody ataontsika : Fahafenoan'ny fiainana, rafitra manampy antsika handresy ny ratsy ka hahitantsika ny fivelarana ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra. Izany ihany koa no irintsika raha miatriaka izao fikaonan-doham-pirenana. Raha atao amin'ny teny hafa ny fiombonana amin'ny Tompo no niantsoana antsika jiaby fa io no lalam-pamonjena. Ny fihaonana sy ny fankanesena any amin'ny Tompo, ny fihainoana ny Teniny, ny safidim-piainana mifanaraka amin'ny finoana Azy, no hanokatra ka ahafahana mandray ny fanomezan'ny fanafahana sy ny fiveranana any Jerosalema omanin'ny Tompo ho antsika. Tsy any Babel na oviana na oviana no hitondra fiadanana na marangitra aza ny saina fa ny any Jerosalema tanana masina sy fiadanana andraisana ny Fanahy Masina, ilay Fanahy Mampiombona. Noho izany na dia teo aza ny fivadihana sy ny fahotana nataontsika dia zava-baovao tsy ampoizina no atolotry ny Tompo sy ampanantenainy ho antsika raha mandray Azy isika dia tsy inona fa "fanekem-pihavanana mandrakizay", "fanomezana efa nampanantenaina an'i Davida fahiny". Ny fiverenana any Jerosalema dia tsy hoe fiverenana sy fiainana indray ny fiainana fahiny, fa fanombohana vaovao mihitsy: fiainam-baovao. NOUVEAU DEPART hoy isika. Izano no irintsika vokatry ny sinaody, vokatry fikaonandiham-pirenena.

Inona àry no takiana manoloana an'izany fanomezana maimaim-poana avy amin'ny Tompo izany? Ny fahavonona mandray, famaliana ny antso, fivelomana ny vôkasiona ary fisehoana ho vavolombelona. Miantefa amintsika amin'izao andro ankehitriny izao ihany koa izay nambaran'ny Tompo tamin'ny alalan'ny Mpaminany. Hihaino azy lalandava sy hanatona Azy isika. Ao amin'i Jesoa no tanteraka ilay "Fanekem-pihavanana mandrakizay".

Inona vokany izany fanekem-pihavanana vaovao izany?

Ny Evanjely no mamaly antsika amin'ilay tantaran'ny fahagagana nataon'i Jesoa tamin'ny fampitomboana ny mofo dimy sy ny hazan-drano roa, izay azo lazaina fa fisantarana ny fiainambaovao ao amin'ny Tompo. Manambara sahady ny vokatry ny Eokaristia.

Nataon'i Jesoa io fahagagana io satria nangoraka ny olona izy. Olona marobe nitady Azy. Ny fangoraham-pon'i Jesoa, izay mampiseho ny fangoraham-pon'ny Ray, dia toetra anaty mahatsapa fa tompon'andraikitra amin'ireo vahoaka ireo Izy ka nitsetra sy niantra azy ireo: nangoraka nahita ireto vahoaka betsaka: ka nositraniny ny marary teo aminy. Isan'ny zava-dehibe nilofosan'i Jesoa ny fanasitranana ny olona na ara-batana izany fa indrindra ny ara-panahy. Ary rehefa hariva ny andro dia nanatona an'i Jesoa ny mpianany mba handefa ny

vahoaka any amin'ny vohitra hitady ka hividy hanina: tany efitra ity, ary efa hariva ny andro; koa ravao ny vahoaka handeha hividy hanina any amin'ny vohitra. Ireto mpianatra dia nietreritra ny momba ny vahoaka sy ny sakafo hohaniny. Araka ny hevitr'izy ireo dia ny tsirairay no samy handeha hitady sakafo ho azy. Jesoa indray kosa anefa dia nilaza fa "Tsy tokony handeha izy; fa omeo hanina".

Araka an'i Jesoa dia tokony hamahana ny olana izy ireo fa tsy hialangalana! Mofo dimy sy hazandrano roa ihany anefa no nisy tamin'izany. Tsy misy tsy hain'Andriamanitra tsy atao anefa. Noraisin'i Jesoa izay kely nananan'izy ireo dia nampitomboiny: ny mofo ifampizarana tokoa dia toa mitombo! Tian'i Jesoa soloina amin'ny "fifampizarana" ny "fividianana". Midika izany fa tokony hanova ny fomba fifandraisany amin'ny vahoaka sy ny olona ireto mpianany ireto. Tsy hoe voatery mividy foana, na mila tambiny vao afaka hanome ny hafa, fa mba hahay hizara sy hanome maimaim-poana. Tompon'andraikitry ny hafa ianao, ka hijery ny ilainy sy ny mahasoa azy. Ny olana amin'ny tsy fampian-tsakafo na ny hanoanan'ny hafa dia tsy azy ireo fotsiny fa anao ihany koa. Tadidio fa izay hanananao dia fanomezana avy amin'Andriamanitra ka tokony hifampizarana, ny kely hananana hono atao mahiratra, ny valala iray hifanam-pahana hoy ny fitenintsika. Mampianatra antsika mba halala- tanana àry i Jesoa eto, misy hafaliana tokoa ny manome noho ny mandray. Amporisihany isika mba hanana toe-po manome. Io ilay tontolo tsy maintsy volena amin'izao fotoana toa izay tontolony maka ho azy. Tontolon'ny fanehoam-pitiavana tsy misy takalo no tsy maintsy volena fa tsy tontolon'ny fitiavan-tena ka mahatonga antsika hanilika ny hafa ary hanana fisainana tsy miraharaha ny hafa fa indrindra ny madinika. Fanontaniana mipetraka ho antsika : inona izany ny Eokaristia ho antsika? Komonio midika inona ny komonio raisintsika?

Hitantsika eto fa tsy ny vola no tena zava-dehibe eo amin'ny fiainana, eny fa na dia "hozatry ny fiainana aza", fa ny fifandraisana vokatry ny fanehoam-pitiavana tsy misy efitrefitra na "charité intégrale" ka manambara fa tena Olo Araiky tokoa, Fratelli Tutti, Fianakaviam-ben'Andriamanitra....

Raha atao amin'ny teny hafa dia tsy ny safako ihany no tian'i Jesoa omena sy zarain'ireo mpianatra ho an'ny olona, fa ny tena sy ny fiainan'izy ireo tontolo mihitsy. Izany hoe tsy hoe omenareo hanina izy ireo, fa hoe omenareo ho sakafon'izy ireo ny tenanareo sy ny fiainanareo ary dia izay ny Eokaristia ary tsy maintsy izay ny vokatry ny komonio raisintsika... Tsy maintsy vonona koa manome ny tena sy ny fiainana manontolo...

Ny teny sy fihetsika nataon'i Jesoa tamin'ny fampitomboana ny mofo sy ny hazandrano dia toa efa tandindona, ka misy ifandraisany tamin'ny sakafo farany niarahany tamin'ireo mpianany, namoronany ny Eokaristia: Noraisiny ny mofo dimy sy ny hazandrano roa, dia niandrandra ny lanitra Izy ka ni-tsodrano Azy, ary nony efa novakiny ny dia nomeny ny mpianany, ka nozarain'ny mpianany tamin'ny olona. Tsara asongadina ny hoe fiandrandrana ny lanitra sy ny tso-drano nataon'i Jesoa, izay midika fa hoe ny zavatra rehetra dia fanomezana avy amin'Andriamanitra avokoa, ka noho izany dia mendrika hiderana sy hisaorana Azy. Vavaka fisaorana no nataon'i Jesoa satria fantany mazava tsara fa avy amin'ny Ray ny zavatra rehetra, ary sitraky ny fony ihany koa no mampiseho ny voninahiny ao amin'ny Zanaka. Ny fanomezana avy amin'ny Ray anefa dia tsy hoe an'ny tena samirery fa entina hifampizaràna amin'ny olona rehetra. Rehefa avy nampitombo ny mofo sy ny hazandrano i Jesoa dia nanankina ny fizarana an'izany tamin'ireo mpianany. Toa efa endriky ny Eglizy izany:

nanome ny Teniny sy ny Tenany izay fa anjaran'ny Eglizy amin'ny alalan'ireo mpanompony kosa no mizarazara an'izany, tsy tompony izy ireo fa mpanompo.

Azo lazaina ihany koa fa nanova ny fiainan'ireo mpianatra ny fahitana ny nataon'i Jesoa sy ny andraikitra nankininy tamin'izy ireo. Eto i Jesoa dia mampianatra azy ireo mba haka tahaka Azy. Raha ny tena marina dia ny tena sy ny fiainan'izy ireo manontolo mihitsy no tsy maintsy omena ny vahoaka fa tsy hoe sakafo na zavatra fotsiny. Azo adika hoe "omeo sy atolory azy ireo ny tenanareo sy ny fiainanareo manontolo". Tsy ho an'ireo mpianatra ihany izany fa ho antsika rehetra mpanara-dia an'i Kristy ihany koa. Isika rehetra no antsoina haka tahaka an'i Jesoa, izany hoe hanana fo mangoraka, mahay mizara izay ananana, tsy miandry tambiny. Ankehitriny dia amin'ny alalantsika no tian'Andriamanitra hanehoany ny fitiavany amin'ny olona hafa rehetra. Isika no Kristy Mpiarabelona amin'ny olona. Marina tokoa fa Ray amandreny mpamelona Izy, fa amin'ny alalanao mihitsy no tiany hanehoana sy hisehoan'izany.

Noho ny fiombonana tanteraka (komonio) ka zary Kristy Mpiarabelona dia tsy nisalasala i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa  nanao hika : "Iza no hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriana va sa haterena sa fanenjehana sa hanohanana, sa tsy fananana inon'inona sa loza sa sabatra? Mazava ny valinteniny: "Amin'izany rehetra izany dia mihoatra noho ny mpandresy isika, amin'ny alalan'Ilay tia antsika … tsy misy mahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy, tsy misy mahasaraka ny fitiavan'Andriamanitra ao amin'i Kristy". Raha ny momba ny fitiavan'i Kristy antsika - izay efa noporofoiny tamin'ny nanolorany ny ainy teo ambonin'ny Hazofijaliana hatramin'ny fahafatesana -, dia tsy miova na oviana na oviana omaly, anio ary mandrakizay. Tsy hainy ny tsy mitia.

Raha ny momba ny fitiavan-tsika an'i Kristy indray anefa dia mety hampisalasala ihany amin'ny maha olombelona antsika! Ezahantsika hamafisina etoana izany. Ny fifandraisana tian'i Jesoa foronina eo amintsika sy Izy dia tahaka ny fifandraisana lalina dia lalina eo amin'ny mpivady. Sariteny miverimberina ao amin'ny Soratra Masina ny maha Mpampakatra an'i Kristy ary ny maha ampakarina antsika. Tsy misy tokony hahasaraka sy hampisaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy intsony fa ny anjaram-piainan'i Kristy ny anjaram-piainantsika. Tsy mpandresy fotsiny isika hoy i Md Paoly manoloana ny zavatra rehetra mety mitranga eo amin'ny fiainana, fa "mihoatra noho ny mpandresy". Eny fa hatramin'ny fahafatesana azy dia tsy hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy, tsy noho ny herintsika na noho ny fahamendrehantsika anefa izany fa noho ny fitiavan'i Kristy "tsy miova". Ny fitiavan'i Kristy, ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy noho izany no antoka.

Tsy Andriamanitra lavitra tokoa ianao Jesoa fa Andriamanitra miara-dalana aminay fa indrindra amin'izao fotoan-tsarotra. Tsy mpanao kobaka ambava fa izay lazainao dia tanteraka. Nampitombo ny mofo ianao namahana ny olona mba entina manambara sahady ny Eokaristia Mpamelona anay no maniraka anao koa hanana fiainana Eokaristika vonona mahafoy sy manompo, mizara amin'ireo manodidina fa indrindra ireo voahilika. Masina Maria Reny tsy mahafoy ianao ka tantano izao dianay miroso amin'ny Sinaody izao ka hahatonga anay Foanakaviana Eglizy kely handray an-tanana hametraka rafitra hanampy anay hifampizara tokoa na dia tena kely sy bitika aza. Md Josefa ampianaro ny fianakaviana Eglizy kely ho vonona hifanasoa sy fampitsimbina hiaro ny tontolo iainana.

Mompera Arseveka Ramaroson Benjamin